“Ary rehefa nihinana ianao ka voky ary misaotra an’i Jehovah Andriamanitrao noho ny tany soa izay nomeny anao, dia mitandrema, fandrao hadinoinao Jehovah Andriamanitrao, ka tsy tandremanao ny didiny sy ny fitsipiny ary ny lalàny, izay andidiako anao anio; fandrao, rehefa nihinana ianao ka voky ary nanao trano tsara ka mitoetra ao, ary mihamaro ny ombinao sy ny ondry aman’osinao, ary mitombo koa ny volafotsinao sy ny volamenanao, ary mitombo ny fanananao rehetra, dia hiavonavona ny fonao, ka hohadinoinao Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao nivoaka avy tany amin’ny tany Egypta, tamin’ny trano nahandevozana “– Deoteronomia 8 : 10 – 14